



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA**  
**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**  
**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**  
**TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-218

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-013/2022 TAMIN'NY 20 JOLAY 2022 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD D'ENTRAIDE JUDICIAIRE EN MATIERE PENALE ENTRE LE GOUVERNEMENT DE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LE GOUVERNEMENT DE LA REPUBLIQUE DE L'ILE MAURICE»

Fivoriana Faha-3  
Natao ny  
Alakamisy 27 Oktobra 2022  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah  
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Alakamisy 27 Oktobra 2022, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2022 tamin'ny 20 Jolay 2022 «*autorisant la ratification de l'accord d'entraide judiciaire en matière pénale entre le Gouvernement de la République de Madagascar et le Gouvernement de la République de l'île Maurice*».

Nitohy ny Alakamisy 27 Oktobra 2022, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena voafidy tao amin'ny Faritanin'i Mahajanga no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah, Filoha Lefitra voafidy tao amin'ny Faritanin'i Toamasina no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany ny tenany ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, nambarany, fa araka ny tapaky ny Vaomieran'ny Fanaovan-dalàna eto amin'ny Antenimierampirenena dia ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ny volavolan-dalàna voalaza amin'ny fandaharam-potoana eo ambony.

Taorian'izay, nanome fitenenana ny Solombavambahoaka manan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra tapaky ny Vaomiera, Ramatoa Mpitarika fivoriana.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse dia nanambara fa tsy manan-kolazaina mikasika ny fandaharam-potoana androany ny tenany.

Nangataka kosa izy mba hafindra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fandaharam-potoana hotanterahina rahampitso Zoma 28 Oktobra 2022 izay handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2022 tamin'ny 15 Jona 2022 «*portant orientation générale du système éducatif à Madagascar*» noho ny tsy fatongavan'ny Solombavambahoaka tonga mivory sady koa iankinan'ny ain-dehiben'ny firenena ny volavolan-dalàna hodinihana, ka izay no antony angatahana ny fanemorana ny fandinihana azy.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa handray fanapahan-kevitra mikasika ny fangatahana nataon-dRamatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse ny mpivory. Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany fandraisana fanapahan-kevitra izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 16 no nandany amin'ny tokony hanemorana ny fandinihana, Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nitsipaka.

Taorian'izany, nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fanemorana amin'ny fotoana manaraka ny handinihana sy ny handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2022 tamin'ny 15 Jona 2022 «portant orientation générale du système éducatif à Madagascar».

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Alatsinainy 31 Oktobra 2022, amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, hatao ao amin'ny «Salle BP» izay handinihana ny volavolam-pandaharam-potoana manaraka. Nanentana ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny tenany mba ho tonga hivory amin'io fotoana io.

Niato tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Mpitarika fivoriana.

  
NY FILOHA  
RAZANAMAHASOA Christine Harijaona